# 365Tantara 18. Marary roa tao an'efitra



# 18. Marary roa tao an'efitra

Lehilahy roa, marary mafy, no tao amin'efitra iray. Ny iray amin'izy ireo no mba afaka mipetraka mandritra ny adiny iray isan-kariva mba hanala ny rano ao amin'ny avokavokany. Ny fandriany dia teo akaikin'ilay varavarankely tokana tao amin'ity efitrano Ilay lehilahy iray dia tsy maintsy matory an-damosina mandavan'andro. Miresaka mandritra ny ora maro zareo. Miresaka ny vadiny sy ny fianakaviany, ny trano, ny asa, ny fialan-tsasatra...



Isan-kariva, rehefa afaka mipetraka ilay lehilahy akaikin'ny varavaran-kely mitantara amin'ilay namany ny zavatra hitany eny ivelany izy. Ho an'ilay tsy afa-petraka, toy ny mivelatra ny tontolony ary mihatsara amin'ny zavatra sy ny loko any ivelany. Hita avy eo am-baravarankely ny zaridaina sy farihy iray mahafina-ritra. Ny Gana sy gisa milalao anaty rano ary ny ankizy mampandeha sambo kely. Tanora mpifankatia mifampisakambina anatin'ireo voninkazo maro loko. Hazo midoroboka no manaingo ny tontolo ary hita ery latra ny renivohitra. Rehefa mitantara izany amin'ny antsipirihany ilay akaikin'ny varavarankely, mikipy maso ilay lehilahy iray ary maka sary an-tsaina ny zavatra rehetra. Nandeha ny andro sy ny herinandro...



Indray maraina, tonga ny mpikarakara nitondra ny rano hisasan-dry zareo ary nahita ny nofo mangatsiakan'ilay lehilahy akaikin'ny varavarankely. Maty am-pila-minana tao anaty torimaso izy. Nalahelo izy ary niantso ireo tompon'andraikitra haka ny vatana. Rehefa hitany fa nety ny fotoana, nangataka ilay lehilahy iray mba hi¬findra akaikin'ny varavarankely. Nahafaly ilay mpikara¬kara ny namindra azy. Rehefa naka toky fa fa mipetraka tsara izy, navelany irery amin'izay.



Niezaka mafy tsimoramora niakatra ambony izy mba hijery ny any ivelany. Hahita fifaliana amin'ny fijerena ny zava-drehetra amin'izay izy. Nitraka izy mba hitodika moramora mankany amin'ny varavarankely. Saingy ny hany hitan'ny masony dia rindrina maramara. Gaga, ary nanontany ilay mpikarakara hoe maninona ilay namako no nitantara tamiko ireny zavatra mahafinaritra rehetra ireny. Namaly ity farany:

" Oadre, izy anie ka jamba, tsy afaka nijery ilay rindrina akory." Ary nampiany hoe: "mety te hanome hery anao fotsiny angamba izy." Fehiny... Misy fahafinaretana lehibe ny manome fifaliana ny hafa, na dia eo aza ny zavatra lalovantsika. Ny fahoriana zaraina dia antsasaky ny fan¬girifiriana, fa ny fahasambarana, rehefa voazara, dia mitombo avo roa heny izy io…